


CLIQUEZ ICI POUR LA VIDEO DU DISCOURS DU 8 MARS 2012 DE LA PREMIERE DAME DE MADAGASCAR MIALY RAJOELINA

**Ry VehIvavy Malagasy manerana ny Nosy,**

Am-pifaliana no iarahabana antsika rehetra nahatratra ny 8 Martsa 2012, andro iraisam-pirenena ho an'ny Vehivavy maneran-tany !

Singaniko manokana eto ireo Vehivavy izay tojo ny tsingerintaona nahaterahany sy ireo Vehivavy izay nahazo fara sy dimby androany. Miarahaba anareo manokana ny tenako satria fahasoavana lehibe izany.

Ao koa ireo Vehivavy izay marary, mankahery anareo ao anatin'izany fotoan-tsarotra lalovanareo izany, ary mirary fahasitranana feno sy fahasalamanana tanteraka ho anareo hatrany.

Tsy hay ho adinoina ihany koa ianareo Vehivavy tra-boina, namelan'ireo rivo-doza nifanesy tato ho ato, takaitra. Mankahery anareo hatrany ao anatin'izany fahasahiranana sedrainareo izany aho.

**Ry Vehivavy Malagasy,**

Mazàna isika dia heverina ho toy ny fanaka malemy.

Iza tokoa moa ilay hery iray mangina izay ianteherana raha tsy isika Vehivavy ?

Isika Vehivavy no mitondra vohoka, mitaiza, manabe ary ravaky ny tokan-trano.

Isika Vehivavy no hany fitaratra hitarafan'ny fara aman-dimby ny lalam-piainany.

Maro ny sedra tsy maintsy atrehintsika amin'ny andavanandro, àry mafonja ireo adidy masina miandry antsika, na eo anivon'ny tokan-trano izany, na eo anivon'ny fiaraha-monina, na eo anivon'ny firenena, nefa tsy mikely soroka isika Vehivavy, mandresy ny etraketraky ny fiainana.

Tsapa loatra ny lanjan'ny toerana misy ny Vehivavy tsirairay ankehitriny, eo amin'ny sehatra maro ary amin'ambaratongan'andraikitra samihafa.

Ho anao Vehivavy misahana andraikitra eo anivon'ny Fiangonana,

Ho anao Vehivavy misotro ronono,

Ho anao Vehivavy :

- Renim-pianakaviana,
- Mpanabe, Mpikaroka, Mpitsabo, Mpianatra,

Ho anao Vehivavy :

- Mpandraharaha,
- Mpiasam-panjakana, Mpiasa birao,
- Mpivarotra, Tantsaha, Mpanao asa tanana
- Mpanakanto, Mpanao fanatanjahantena

**Ho antsika Vehivavy Olom-pirenena Malagasy,**

Raiso ho tombom-pahasoavana manokana ho anao ny maha-Vehivavy anao.

Aza misalasala mandray andraikitra, hampitoetra mandrakariva ny fihavanana sy ny firaisan-kina, eo amin'ny mpiara-belona, ary asandrato avo hatrany, ny maha-Vehivavy anao hanaovana soa ho entina ampandrosoana an'ity Firenena Malalantsika ity !

**Ry Andriambavilanitrin'i Madagasikara,**

Miravoravoa sy mifalia fa andronao anio !

Mirary soa, fahombiazana sy fahasalamana ho anao ny tenako !

**Ramatoa Mialy Rajoelina**

**Vadin'ny Filohan'ny Tetezamita**

=============================




JOURNÉE
INTERNATIONALE
DE LA FEMME
8 MARS 2012